



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA  
Fitaviana - Tanindrazana - Fandrosoana



**REPOBLIKA FAHAEFATRA  
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA**

**FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA VOALOHANY  
TAONA 2021**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX  
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

**FITANANA AN-TSORATRA NY FIVORIAMBE**

LAHARANA FAHA-152

**LANONAM-PAMARANANA NY FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA VOALOHAN'NY  
ANTENIMIERAMPIRENENA, TAONA 2021**

Fivoriana faha-32  
Natao ny  
Zoma 2 Jolay 2021  
- Alina -

## **FIVORIAMBE**

**FILOHA:** Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

**MPITANTSORATRA:** Andriamatoa isany:

- RASOLONJATOVO Honoré
- RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle

**FOTOANA:** Zoma 2 Jolay 2021 tamin'ny 8 ora sy 30 minitra, alina.

**FANDAHARAM-POTOANA:** Lanonam-pamaranana ny fotoam-pivoriana ara-potoana voalohan'ny Antenimierampirenena, taona 2021.

- 1 -

- **Fitohizan'ny fivoriana** -

- Lakolosy -

### **Ramatoa FILOHA**

Tompokolahy sy Tompokovavy,  
Mitohy ny fivoriantzika.

Miarahaba antsika tonga manatrika izao lanonam-pamaranana ny fivoriana ara-potoana voalohan'ny Antenimierampirenena, taona 2021 izao.

langaviana ny Mpitantsoratra hamaky ny andininy faha-75 ao amin'ny Lalàmpanorenana.

- 2 -

- **Famakiana ny andininy faha-75 ao amin'ny Lalàmpanorenana** -

### **Andriamatoa HENRI Jean Michel**

Misaotra, Ramatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Andininy faha-75 ao amin'ny Lalàmpanorenana: Mivory ara-potoana indroa isan-taona ny Antenimierampirenena. Ny faharetan'ny fotoam-pivoriana isanisany dia ferana ho enimpolo andro.

Manomboka ny Talata voalohany amin'ny volana Mey ny fotoam-pivoriana voalohany ary ny Talata fahatelo amin'ny volana Oktobra kosa ny fotoam-pivoriana faharoa izay atokana indrindra amin'ny fandaniana ny lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana.

Misaotra, Ramatoa Filoha.

**- KabarindRamatoa Filohan'ny Antenimierampirenena -**

**Ramatoa FILOHA**

Misaotra ny Mpitantsoratra tamin'ny famakiana izay andinin-dalàna izay.

Andriamatoa Praiminisitra Lehiben'ny Governemanta,  
 Andriamatoa sy Ramatoa isany mpikambana ao amin'ny Birao Maharitry ny Antenimierampirenena,  
 Andriamatoa sy Ramatoa isany Minisitra mpikambana ao amin'ny Governemanta,  
 Andriamatoa sy Ramatoa isany Solombavambahoakan'i Madagasikara, namana hajaina,  
 Andriamatoa Filoha Lefitry ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena misahana ny Fifidianana,  
 Andriamatoa Filoha Lefitry ny Komitin'ny Fampihavanana Malagasy,  
 Andriamatoa Talen'ny Kabinetran'ny Filankevitra Ambony Miaro ny Tany Tan-dalàna,  
 Ianareo mpandraharaha namana mpiara-miasa ato amin'ny Antenimierampirenena,  
 Ianareo mpanao gazety avy amin'ny haino aman-jery samihafa,  
 Ianareo olona manan-kaja ambony sivily sy miaramila izay tonga manatrika etoana, araka ny laharam-boninahitra misy anareo tsirairay avy.

Tompokolahy sy Tompokovavy,  
 Ny nara hono, natao hiaretana; ny fana kosa, natao hozakaina, fa ny asa kosa natao hovitaina.

Vita soa aman-tsara indray ity ny fotoam-pivoriana ara-potoana voalohany fanaontsika Solombavambahoaka, vita ny asa; ka isaorana Andriamanitra nitahy sy nivimbina ary nanampy antsika tamin'izany.

Miarahaba anareo mpanatrika ary izahay; ka tsidihana voalohany amin'izany ianareo vahiny manan-kaja, ianareo olobe eto amin'ny firenena.  
 Mankasitraka indrindra, Tompoko, amin'ny fanotronana sy fanomezam-boninahitra asehonareo toy izao.

Heveriko fa mbola tsy tara akory raha mifampiarahaba isika mianakavy sy ny vahoaka Malagasy tsy vaky volo, vitasoan'ny Fetim-pirenena sy ny fetin'ny Foloalindahy.  
 Mifampiarahaba koa isika Solombavambahoaka tamin'ny asa vita ary samy mamarana eto androany.

Tompokolahy sy Tompokovavy,  
 Miarahaba manokana antsika Solombavambahoaka satria androany 2 Jolay 2021 no feno roa taona katroka ny nahalany antsika araka ny Didy navoakan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana (HCC); 2 Jolay 2019-2 Jolay 2021.

Tompokolahy sy Tompokovavy,

Toy ny mahazatra, atombotsika amin'ny tatitry ny asa vita teto anivon'ny Antenimierampirenena nandritra izay fotoam-pivoriana naharitra roa (2) volana izay aloha ny resaka. Tsy tatitra amin'ny antsipiriany momba ny asa vita, fa matokisa ianareo.

Tamin'ny ankapobeny, natao tamin'ny alalan'ny fihaonana ampitain-davitra ny fivoriana. Tsy araky ny maha nampitain-davitra azy izay anefa, fa vao maika nampiseho fahavononana ny Solombavambahoaka ary betsaka ny asa vita. Maro no nanatrika izany fivoriana nampitain-davitra izany.

Amin'izay asa vita izay ary dia lany soa aman-tsara tamin'ny Atalata faha-29 Jona 2021 teo ny Volavolan-dalàna fanitsiana ny Tetibolam-panjakana na ny LFR 2021 izany. Izy io dia natao tamin'ny alalan'ny fihaonana mivantana sy fihaonana nampitain-davitra ihany koa (hybride).

Tontosa soa aman-tsara ihany koa ny fihaonan'ny Solombavambahoaka sy ny Governamanta indroa miatoana. Ny voalohany dia nanaovan'ny mpikambana ao amin'ny Governemanta ny tatitry ny asa vitany nandritra ny taona 2020. Ny faharoa kosa natokana ho fametrahan-panontanian'ny Solombavambahoaka sy ny valiny nomen'ny mpikambana ao amin'ny Governemanta izay vita vao haingana teo.

Fanamby napetraka noho ny valan'aretina izay nanadary ny fivoriana nampitain-davitra. Samy nanatanteraka io fanamby io na ny Solombavambahoaka na izahay tato amin'ny fandraharana ny Antenimierampirenena. Efa ao anatin'ny Programan'ny "Plan Stratégique"-n'ny Antenimierampirenena ny fialàna tsikelikely amin'ny fampiasana taratasy be loatra na ny "dematérialisation", ka mino aho fa tsy hiverin-dalana amin'izany intsony isika, fa hiroso hatrany amin'ny fomba fiasa maoderina sy ekolojika eto amin'ity Andrimpanjakana ity. Mbola voaporofa nandritra ireo tatitra sy fihaonana indroa miatoana ireo, fa betsaka ny asa vita sy ny fanatanterahana ny Veliranon'Andriamatoa Filohampirenena. Nanindry kosa ny ankamaroan'ny Solombavambahoaka ny mba hijerena manokana ny eo amin'ny lafiny sosialim-bahoaka, indrindra manoloana izao ady sarotra iainana noho ny "Covid-19" izao. Ankoatran'io dia efa voarainareo Minisitry tsirairay avy ny fangatahana, ka mba valio antsoatra ny Solombavambahoaka na ho eny na ho tsia na miandry, mba hahafahan'izy ireo manao tatitra amin'ny vahoaka.

Teo amin'ny asa fanaovan-dalàna indray dia:

- Volavolan-dalàna miisa 12 no napetraka teo amin'ny biraon'ny Antenimierampirenena. Lany avokoa izy ireo rehefa nasiam-panitsiana ny 3 tamin'izany.
- Tolo-dalàna miisa 12 koa no voaray, ka ny 8 tamin'izany no lany rehefa nasiam-panitsiana ny 5.
- Tolo-pehin-kevitra miisa 5 no nodinina ka ny 3 tamin'izany no lany tsy nasiam-panitsiana.

Tao koa ny asa hafa, toy ny fandraisantsika anjara tamin'ireo fivoriana iraisam-pirenena samihafa, tamin'ny alalan'ny fampitan-davitra, toy ny teo anivon'ny "ASSEMBLÉE PARLEMENTAIRE DE LA FRANCOPHONIE".

- Ny fanatontosana ny «Réunion du Bureau de la Commission des Affaires Parlementaires», tamin'ny volana Mey sy Jona 2021 izay natrehan'ny Solombavambahoaka DJAOSERA Irénée;
- Ny fivoriana niarahana tamin'ny «Réseau des Femmes Parlementaires», tamin'ny volana Mey 2021, natrehan'ny Solombavambahoaka RAHERIJAONA Régina Clarisse;

- Ny fivoriana niarahana tamin'ny «Commission Politique» tamin'ny volana Jona 2021, niarahana tamin'ny Solombavambahaka RAZAFIMAHATRATRA Christian sy RAJOELINA Seth.

Teo anivon'ny «UNION INTERPARLEMENTAIRE»,

- ny «142<sup>ème</sup> Assemblée Plénière de l'Union Inter-Parlementaires tamin'ny volana Mey 2021, niarahana tamin'ny Filohan'ny Antenimierampirenena sy Andriamatoa Loholona, IMBIKY Herilaza sy ny Solombavambahoaka CHRISTOPHE Tsiliva Diddiot, ny Solombavambahoaka Dr. RAJAABELINA Lova Herizo,
- tao koa ny «7<sup>ème</sup> Conférence mondiale des Jeunes Parlementaires», niarahana tamin'ny Solombavambahoaka RAKOTOMALALA Miharintsoa Andriatsitonta,
- nisy ny «Vidéo de 2 minutes sur Les Femmes Leaders Politiques en vue du sommet des Femmes» ny volana Jolay 2021, niarahana tamin'ny Solombavambahoaka RAMAROSOA Emilina Rakotobe,
- tao koa ny «Enquête Nationale Volontaire» tamin'ny faha-18 Jona 2021, niarahana tamin'Andriamatoa Sekretera Jeneralin'ny Antenimierampirenena.

Teo anivon'ny «PARLEMENTAIRE DE LA SADC»

Fivoriana niisa 12 no natrehana tao, ka tsy hotanisaina eto daholo noho ny fotoana voafetra.

Marihana fa natrehan'ny Solombavambahoaka daholo izy ireo, toy:

- ny Filoha Lefitry ny FP-SADC, ny Solombavambahoaka Dr. LOVANIRINA Célestin,
- ny Solombavambahoaka MASY GOULAMALY Marie Jeanne d'Arc,
- ny Solombavambahoaka DONOVAN Jimmy Gertrude Jhonny,
- Andriamatoa Sekretera Jeneralin'ny Antenimierampirenena,
- Ny mpiasan'ny Antenimierampirenena: Mme RATSIMBA Andrianina; Mme RAZAFIARISOA Vololomboahangy Faraniaina, ny Dr BE Pamela Fanny sy Mme VETSE Louisie Yvestine.

Tompokolahy sy Tompokovavy,

Eo amin'ny lafiny toe-karena dia fotoana tokony hanome antoka ny vahoaka izao ny fitondram-panjakana, fa efa vonona izy amin'ny fiatrehana ny fanarenana rehetra taorian'ny fiantraikan'ny «Covid-19». Mbola nanambara an'izany, Andriamatoa Praiminisitra teo. Tena miandry izany ny antokon'olona rehetra. Efa mafonja ny laharam-pahamehana voafaritry ao amin'ny LFR izay mifototra amin'izay fanarenana ara-toekarena izay sy fanatsarana ny sosialim-bahoaka.

Natao laharam-pahamehana koa ny fanamboaran-dalana, ny fanavotana ny any Atsimo mba hanova tanteraka ny tantara, ny fametrahana Indostria isaky ny Distrika ary ny fampiroboroboana ny «Zone d'Emergence Industrielle». Etsy andanin'izany, tokony ho hita mazava tsara ao anatin'izany ny politika ara-toekarena hiahiana ireo very asa sy ny orinasa mandalo fotoan-tsarotra. Ahoana ny hevitra hampitomboana ny fanondranantsika entana sy vokatra mankany ivelany, mba hanatsara ny fidiran'ny vola vahiny hanarenana ny fitotongan'ny Ariary. Mino aho, fa efa voafehy ny «dossier» mikasika izany eo amin'ny Mpanatanteraka.

Izany anefa tsy misakana ny fanontaniana mipetraka hoe: aiza ho aiza amin'izao ny momba ny famerenana ireo «Devise», izay tokony haverin'ireo mpandraharaha mpanondrana entana any ivelany ireny, izay toa efa fantatra ny lisitr'ireo izay tokony hamerina izany. Ampahafantaro anay vahoaka ny mikasika izany; na ny olombelona na ny orinasa sy ny fanapahan-kevitra noraisina ary ny fizotry ny «procédure» amin'ny fitakiana izany.

Resaka «après-Covid» ihany dia tokony efa hanomana paikady koa ianareo ao amin'ny OMNIS, mba hampahafantatra ireo mpandraharaha any ivelany momba ireo vokatra ara-stratejika ananan'i Madagasikara, hahafahana miroso haingana amin'ny fiaraha-miombon'antoka amin'izy ireo satria lasa matory mijaly eo ambony harena fotsiny ny Malagasy, ka olom-bitsy no mety mitavana izany.

Tonga atỳ aminay anivon'ny Antenimierampirenena koa ny antson'ireo Malagasy izay nindram-bola tamin'ny Banky. Mba miangavy hono, Tompoko, ho anareo eny anivon'ny Banky, mba handraisana fepetra manokana aloha, indrindra eo amin'ny fe-potoana fandoavana ny vola sy hijerena koa ny zana-bola.

Farany, mikasika ny sehatry ny fambolena sy ny fiompiana. Araky ny sosokevitry ny Solombavambahoaka maro dia tokony hatao ao anaty fandaharan'asa fohy ezaka ny famatsiana masomboly sy zezika ary ody bibikely ho an'ireo tantsaha, mba hiatrehany ireny voly avotra ireny.

Eo amin'ny lafiny Diplomasia indray mba hasiana teny kely; tonga izao ny fotoana hametrahana mazava amin'izay ny politika ara-diplomatikan'ny Firenena Malagasy ao anatin'ny fifehezana ny “Géopolitique” vaovao maneran-tany. Aleo koa hirosoana ny fanamafisana sy ny fanatsarana ny fifandraisana eo amin'ny firenen-droa (relation bilatérale) ary tsara koa raha mitoetra ny fifanajana, ka harenina izay fifandraisana maramara sy mihavasoka izay. Maninona raha mba atao mamirapirapiratra indray izay vasobasoka teo.

Mikasika ny any Atsimo. Tsara raha asian-teny kely iny “Colloque régional pour l'émergence du sud de Madagascar” teo iny.

Sambany vao nisy fakan-kevitra ifotony toy ireny, ka nandraisan'ny Malagasy an-tànana ny fikatsam-bahaolana. Arahabaina eto ary ianareo any amin'iny Faritra iny. Ampahan'ny dingana lehibe amin'ny fampandrosoana ny firenentsika iny. Milendalenda ny Faritra hafa, fa tsy misy fialonana akory sanatria, satria samy Malagasy isika ka iray ihany.

Miara-paly sy mankasitraka ny any Atsimo ny Malagasy rehetra. Koa mirary soa sy fahombiazana ho anareo izahay, mba hivaha amin'ny fomba maharitra amin'izay io olan'ny Kere sy ny tsy fahampian-drano io ary izay fahatarana rehetra.

Arahintsika vavaka fa raha tsy maheno ny tany, tsy marenina akory ny lanitra, ka mahaiza mankasitraka arak'izany, fa anjaranareo amin'izay izao. Diavolan-ko lava, kilalao mbola ho ela; voan'angivy io, ka mifandimby masaka. Koa mino sy manantena izahay, Andriamatoa Filoha sy ianareo ao amin'ny Governemanta, fa ho avy tsy ho ela ny anjaran'ny Faritra tsirairay.

Tompokolahy sy Tompokovavy,

Ambara izany rehetra izany satria sarotiny izahay amin'ny asa betsaka tsy tambo isaina vitan'ny Fitondram-panjakana, tarihin'Andriamatoa Filoha Andry Nirina RAJOELINA.

Amin'ny maha mpanara-maso ny asan'ny Mpanatanteraka anay dia tompon'antoka koa izahay amin'ny fiarovana ny ezaka efa vita.

Manoloana izany indrindra dia mitodika amintsika Solombavambahoaka ny tenako. Aleo haverina halamina tsara ny fiaraha-miasan'ny Vondrona Politika eto anivon'ny Antenimierampirenena izay vonona hifanampy amin'izao Fitondram-panjakana izao. Ny Filohampirenena dia efa mampiseho mandrakariva, fa tsy manavakavaka izy ary liampilaminana, ka isaorana izy noho izany. Vopaporofy izany raha ny zava-niseho tany Atsimo tamin'ireny "Colloque" ireny sy tao amin'ny Kaominina Ivato-Antananarivo ihany koa.

Mikasika ny fitoniana katsahina indray dia mitodika aminareo ao amin'ny Ministeran'ny Fampianarana Ambony indray izahay eto.

Mino sy matoky izahay, fa hampiova zavatra iny Tolo-dalàna mitondra ny laharana faha-007-2020/PL «sur l'autonomie des Universités et des Etablissements Publics d'Enseignement Supérieur et de la Recherche Scientifique»; izay efa lany teto anivon'ny Antenimierampirenena iny.

Asian-teny farany ny mikasika ny fanoherana.

Amin'ny maha tany demokratika manaja ny fahalalahana an'i Madagasikara mantsy dia zon'izy ireo kosa ny mba hanokanam-pitenenana eto anivon'ny Antenimierampirenena, indrindra amin'ny lahateny amin'ny fomba ofisialy toy izao. Koa arahabaina sahady ianareo eo anivon'ny fanoherana satria vonona ankehitriny ny kianja sy ny fitsipika hilalaovanareo, ny mpiantsehatra sisa no andrasana. Araka ny fanapahana navoakan'ny HCC dia misy ny ho Filohan'ny Mpanohitra eto anivon'ny Antenimierampirenena, izay tsy maintsy Solombavambahoaka ary misy ihany koa fifandaminana azo atao avy any ivelany. Lapambahoaka sady Lapan'ny demokrasia rahateo ity Lapan'ny Antenimierampirenena ity, koa manantena isika fa hihatsara ao anatin'ny fanajan-dalàna amin'izay ny sehatry ny fanoherana manombok'eto. Koa adidin'ny tsirairay no miomana amin'izany sehatra hilalaovana izany. Amin'ny maha sehatra fanaovana politika ny Antenimierampirenena dia anisan'ny sehatra mamolavola tanin-ketsa ho an'ny mpandimby koa ato; fa io dia ilana paikady maty paika hatrany ny fomba fanaovana politika ary efa mivoatra izao ny fomba fijerin'ny vahoaka Malagasy, fa raha teo ve ianao no tsy manitra, ka lasa vao hamerovero. Avelako eo ny amin'iny.

Eo amin'ny resaka vaksiny izay aharenasana feo maro, toy ny famendrofendroana ary mandriotra izany amin'izay tiany hambara; tsotra ny teninay: ny Fitondram-panjakana dia tsy hanao izay hamono na hamotika ny vahoakany. Efa voadiniky ny manam-pahaizana ny fanapahan-kevitra noraisina. Izay nahavita dia arahabaina ary ireo mbola tsy nanao izany kosa, entanina ihany na dia tsy an-tery aza izany.

Tompokolahy sy Tompokovavy,

Lavalava ihany izay voalaza izay; miala tsiny fa vatabe mitahiry raha maro ny Antenimierampirenena, ka ny raha jiaby mivoaka amin'ny androny.

Koa hamaranantsika izao fandraisam-pitenenana izao; misaotra dia misaotra antsika rehetra naharitra nihaino hatramin'ny farany; na vahiny izany na isika tompon-dapa. Misaotra antsika Solombavambahoaka rehetra, fa tena nampiseho fahavononana tokoa isika nandritra izay roa volana izay.

Nanao fivoriambe imbalo amby roapolo (28) ny Antenimierampirenena, ka mitotaly 2654 no isan'ny fahatongavana tamin'izany, izay manome ny salan'isam-pahatongavana 94,78% tamin'ny fahavitrihana tamin'ny fanatrehana fivoriana.

- Tehaka -

Ny hafatra farany, aoka samy hitandrina hatrany isika amin'ny maha olom-bahoaka, indrindra eo amin'ny teny ataontsika, mba tsy hisy fiantraikany miiba na "retombées négatives" satria andrandrain'ny vahoaka izany Solombavambahoaka izany. Koa rehefa mitandrina ny teny ataontsika isika dia mitandrina koa amin'ity valan'aretina ity; satria mbola tsy lasa tanteraka akory izy io, fa mbola eo ary misy "variant" atahorana koa ary samy miara-mangataka isika mba tsy ho tonga eto amin'ny Nosy izany.

Mirary soa ho an'ny vahoaka Malagasy ary manentana antsika Solombavambahoaka hatrany tsy hanao ambanin-javatra ny tatitra, satria izay ihany no ahafantarany ny marina sy ny asa ataon'ny Fitondram-panjakana ary hahalalany koa fa miasa ho azy isika. Ny Lalàmpanorenana koa no manery antsika hanao izany tatitra izany. Omby lahy fotsy loha hono, hoy ny fitenenana, ho tsara mandroso ho tsara miverina. Ony nosarahin'ny Nosy isika, ka ao alohaloha ao indray mihaona.

Koa mirary soa ho antsika rehetra hamonjy ny akanintsika isika, hamonjy ny vahoakatsika any amin'ny Distrika, koa mirary soa tsy ho azon-tsampona, tsy ho azon'ny areti-mandoza.

Samia hotahian'Andriamanitra.  
Misaotra Tompokolahy,  
Mankasitraka Tompokovavy.

- Tehaka -

- 4 -

- Fifaranan'ny fivoriana -

#### **Ramatoa FILOHA**

Ambarako Tompolahy sy Tompokovavy, fa mifarana ny fotoam-pivoriana ara-potoana voalohan'ny Antenimierampirenena, taona 2021.

Mifarana hatreo ny fivoriantika.

Mankasitraka Tompokolahy,  
Mankatolina Tompokovavy.

- Lakolosy -

Nifarana tamin'ny 8 ora sy 55 minitra, alina, ny fivoriana.



**RAZANAMAHASQA Christine Harijaona**